LAHARANA FAHA 6
Telovolana Faha efatra
2007

MOUVEMENT PAYSAN FEON'NY TANTSAHA

Mivoaka isan-telovolana
VIDINY : 100 Ariary

TAKELAM-PIFANDRAISAN'NY SENDIKAN'NY ORINA AMBANIVOHITRA

Loabary an-dasy: Niaka-dapa teny Iavoloha ireo solotenan'ny tantsaha P 5

Nifandimby nandray fitenenana ireo solotena teny Iavoloha

Tantsaha depiote Hahasolo tena ny tantsaha ve ? P 5

Voly legioma : Tsy ho sarotra ny ahitana doria P 3

Ady tany : Tantsaha 13 voaheloka ho faty P 2

Tantsaha 93 niatrika fitsarana tao Miarnarivo
(sary nalaina tao amin'ny Gazety EXPRESS)

Fananan-tany : Varavarana misokatra tany Analavory nitohy teto Antananarivo P 2

Matoan-dahatsoratra

Faha-5 taonan'i SOA. Vavolombelon'ny mpiasa ny bainga

Feno dimy taona amin'ity taona 2008 ity ny SOA. Lavitra ny lalana nodiaviny vao tonga amin'izao toerana misy azy izao izy. Raha atao ny jery todika dia maro ny ezaka natao no efa nahitam-bokatra:

1. Miara-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka sy ny mpitondra fanjakana ary indrindra fa ireo Vondrona tantsaha rahavavy ny SOA. Tsy vita mora ny nahazoana ny faneken'ireo mpisehatra eo amin'ny fampandrosoana ny toerana tokony hananan'ny Vondrona tantsaha. Nampiahiahy ary nikaviavia tamin'ny sofin'ny maro ny fandrenesana ny hoe sindikan'ny tantsaha.

2. Isan'ireo vy nahitana sy angady nananana tamin'ny fisian'ny firaisan-kina eo amin'ireo vondrona tantsaha nasionaly rehetra ny Réseau SOA. Noraisiny ho fenitra foana ny fampitambarana ny hery eo amin'ny samy tantsaha.

3. Nanamarika ny fiainan'I SOA ny fametrahana ny "vinan'asa matihanina" teo aminy sy ireo vondrona tantsaha eo anivon'ny faritra. Mazava ny tanjona fa ny hitondra ny hetahetan'ny tantsaha hatrany ary hanampy eo amin'ny olana sedrain'ny tantsaha madinika. Isan'ireo mpitarika amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra ny soa.

4. Mibanjina ny ho avy ny SOA. Nahatafiditra mpitarika tantsaha ao amin'ny solom-bavambahoaka ny tantsaha. Miady ho an'ireo iharan'ny tsindry hazolena momba ny fananan-tany. Mivelatra amin'ireo mpiara-miombon'antoka vahiny toy ny FIPA (Fikambanan'ny tantsaha eran-tany). Ary efa namaritra vinan'asa matipaika mandritra ny taona. Mitady hevitra mba hahafahana mamoaka ny tantely any Eropa. Ary indrindra indrindra miady ny tombotsoan'ny tantsaha amin'ny famaritana ireo politikam-panjakana momba ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra.

"Satriko aza tantsaha fa ivon'ny fampandrosoana". Mikendry ny hamerenana indray ny maha izy azy ny asa maha-tantsaha ny SOA satria io ihany ny sehatra ahafahana mampandroso ny firenena.

RASOLONIRINA Marcel Filohan'nv SOA

Maha SOA

Diary SOA : Sehatr'asa taona 2008 .....P 5
Vidim-bokatra : Avy amin'ny faritra 3.....P 3

Ady tany : Tantsaha 13 voaheloka ho faty tao Miarinarivo, olona 6 voasazy hiasa an-terivo-zona mandritra ny 12 taona, sazy mihantona 5 taona kosa ho an'ilay ankizy tsy ampy taona

Fahafatesana mpitandro filaminana telo nandritra ny savorovoro nitranga tao Analavory ny fototr'ity fanamelohana ho faty lehilahy miisa 13 ity.

Savorovoro niafara tamin'ny fahafatesana mpitandro filaminana 3 sy ramatoa iray no vokatry ny tsy faneken'ireo fokonolona hiala teo amin'ny fonenany tao Ankorondrano Analavory. Raha tsahivina ny tantara dia ny 11 aogositra 2006 no nitrangan'izany raha tonga ireto mpitandro filaminana hanala ireo mponina izay nipetraka an-taona maro teo amin'ny tany, saingy tsy nanana taratasy mazava. Ny alarobia 14 novambra 2007 ary no niakatra fitsarana ireo olona miisa 93 ka niafara tamin'izao fanamelohana mahery vaika izao. Ranomaso, fahakivina, toreo no nandraisan'ireo voampanga sy fianakaviana ary ny mpiara-monina izany.

Mbola hisy fitsarana manaraka

Afa-po ireo fianakavian'ny mpitandro filaminana niara-boina fa heverina fa mbola hisy ihany koa fitsarana ilay vehivavy maty voatifitrin'ny mpitandro filaminana nandritra izany fifandonana izany. Asa, mety hampiakatra fitsarana ambony ihany koa ireo voampanga. Na izany na tsy izany anefa dia fanontaniana mipetraka ho an'ny rehetra ny hoe misy tokoa ve ny fanamelohana ho faty, fomba ahona no hanatanterahana izany : fanantonana amin'ny tady sa tifitra sa tsindrona poizina…, samy mbola tsy mahalala ny ampitso isika fa heverina fa hisy ny fanalefahan-tsazy hataon'ny filoham-pirenena amin'ny faran'ny taona ka ho voakasika amin'izany ireo tantsaha voampanga ireo.

An'iza no fahadisoana ?

Raha tsahivina ny tantara dia tanin'ny vazaha mpanjanan-tany teo aloha ity nanorenan'ny fokonolona tanana ity. Noho ny trosa tsy voalohan'ity vahaza ity anefa taorian'ny tsy fahitana popoka azy dia lasan'ny BTM teo aloha ny tany. Novarotan'ny banky tamin'olon-tsotra izany taty aoriana. Nandritra izany rehetra izany anefa dia nisy olona nanoro-ponenana teo amin'ny tany. Am-polon-taonany maro no nipetrahany teo ka noheveriny fa azy ireo ny tany. Naka mpitandron'ny filaminana ary ilay olona farany nividy ny tany mba hanala ireo mponina ka dia niafara tamin'izao tantara mampalahelo izao. An'iza ny hadisoana ? Heverina fa lesona lehibe ho an'ny rehetra izany mba hisoroana ny fiverenan'ny olana any aoriana any.

Ady hevitra sy varavarana misokatra, notontosain'ny SIF tany Analavory sy teto Antananarivo

Feno hipoka ny tranompokonolona tao Analavory

Nahaliana ireo mponina tao Analavory tokoa ny varavarana misokatra ho an'ny fananan-tany nataon'ny Sehatra Iombonana ho an'ny Fananan-tany ny talata 18 desambra 2007 lasa teo. Ireo tany vita soratra nefa narian'ny tompony no lohahevitra tamin'izany. Maro tokoa mantsy ireo tanin'ny Mpanjanaka vazaha no nilaozan'ny tompony amin'iny faritra iny. Ary satria tena mahavokatra ny tany dia maro ireo mpifindra monina no nanorom-ponenana tany. Vitsy anefa ireo nahavita nahasoratra ny tany ka lasa zary olana tokoa ho an'ireo mpiavy nahavita nanoratra ara-dalana ny tany. Rehefa nihaino ny zava-misy sy nitondra fanazavana ny SIF sy ireo tompon'andraikim-panjakana dia niara nikahon-doha teto Antananarivo. Nivoaka tamin'izany ireto soso-kevitra maro izay raha fehezina dia ny fandrindrana ny fanapahan-kevitra raisina sy ny lalana misy, ny fisian'ny mangarahara sy ny fivoizam-baovao amin'ny fananan-tany ary ny fandraisana ny hevitry eny ifotony.

TSARA HO FANTATRA MOMBA NY FANANAN-TANY :

Fangatahana tany efa manan-tompo saingy tsy nohajarian'ny tompony nandritra ny fotoana maharitra na ny "prescription acquisitive"

Inona no voakasik'izany ?

Tany efa vita bokin-tany amin'ny olona tsotra, ka tsy voakarakaran'ny tompony, nefa nohajarian'olon-kafa nandritra ny fe-potoana mihoatra ny 20 taona. Ireo tany ireo dia azon'ilay mpanamaintimolaly hangatahina amin'ny alalan'ny "prescription acquisitive".

Tsara ho marihina fa tokony ho nilamina, mitohy ary tsy nisy rahoraho ny fipetrahana nandritr'io fe-potoana io, ary tsy tokony hisy antoka mipetraka amin'izany tany izany. Misy fenitra teknika ahafahana milaza fa voahaja ireo fepetra ireo, rehefa tonga amin'ny fe-potoan'ny fitsirihina.

Ny antotan-taratasy ilaina : - Certificat de situation juridique
- Sarin-tany
- Fangatahana

Ny Dingana arahina :



Voly legioma: Tsy ho sarotra intsony ny ahitana masomboly na doria manaram-penitra

Mijoro ny tetik'asa VBSS ho fanamafisana ny tamban-jotran'ny mpamokatra legioma madinika.

Ny VBSS na ny "ivon-toerana iraisam-pirenena ho an'ny voly légioma" dia tetik' asa manokana ho an'ny fampiroborobona izany lalam-pihariana izany. Io tetik'asa io dia mikendry ny fampitombona ny vokatra legioma manara-penitra amin'ny alalan'ny fifanakalozana eo amin'ny firenena samihafa sy ny fanampariahana ireo karazam-boly. Ilay orina antsoina hoe "Bill Gates" moa no mamatsy vola azy ity. Ary natao indrindra hanampy ireo ezaka efa misy amin'ny ady amin'ny fahatrana sy ny tsy fanjarian-tsakafo ho amin'ny 9 taona ho avy. Mahasahana sokajim-boly legioma roa no ny asa sahanin'ity tetik'asa ity : dia ny legioma tsy hita afa-tsy amin'ny firenena iray sy ny legioma izay fahita aty Afrika. Ny fandaharan'asa dia nisafidy karazam-boly 4 ho an'ity sokajy faharoa ity : voatabia, tongolo, sakay ary laisoa, ho an'ny sokajim-boly tsy fahita afa-tsy amin'ny firenena iray moa dia misandrahaka ny asa fa tsy voafetra.

Io tetik'asa io dia hikendry indrindra ny fifanakalozana ireo karaza-masomboly manara-penitra mba ahafahana manao fanadramana sy famokarana izany bebe kokoa. Isan'ny tanjona ny hampiasana masomboly afa-manohitra ireo karazan'aretina sy azo volena mandava-taona. Amin'izao fotoana izao dia misy ny fitadiavana fiaraha-miasa amin'ireo mpikaroka mba anaovana andrana ireo karazam-boly avy any ivelany. Ireo vondrona tantsaha dia afa manolotra soson-kevitra ihany koa amin'ny toerana hanaovana fanadramana. Ny SOA sy ny CTHA dia tsy mitsaha-midinika mba ahazoan'ny any amin'ny faritra mandray anjara amin'izany tetik'asa izany.

Mbola tsy mivaha ny olan' ny lakandranon'I DABARA

Ny vovonan'ireo mpampiasa ny tambanjotra ao Dabara dia manohy ny hetsika mba hisian'ny fitantanana mirindra ny rano.
Sarotra tokoa ny olana satria efa hatramin'ny taona 1990 no nitrangany nefa tsy nivaha hatramin izao. Ny lalana 90-016 dia manome fahefana ny fikambanan'ny mpampiasa ny tambajotra ho tompon'andraikitra voalohany amin'ny fitantanana ny rano. Ankehitriny ary dia miisa 40 izany fikambanana izany ary napetraka federasiona tamin'ny taona 1996 mba ahafahana mitantana tsara ny lakan-drano. Noho ny filana ny firotsahan'ny tompon-andraikim-panjakana an-tsehatra dia nanangana ny vondron'ny kaominina na ny OPCI ireo kaominina 7 voakasika, napetraka ihany koa ny komity mpitantana ny Dabara na ny CGRD. Na dia teo anefa ny fametrahana izany rehetra izany dia tsy voavaha ny olana satria maro ny faritra tsy mahazo rano,vitsy no mandoa ny sara-mampiasana, mihasimba ny foto-drafitr'asa, malaina ny mpamatsy. Izany rehetra izany no mifamahofao ao Menabe ao.

Fihaonan'ny vehivavy mpam-boly ao amin'ny FIPA tany Thailande

Nisolo tena ny vehivavy mpamboly avy ao amin'ny vondrona tantsaha SOA tany Bankok, Thailande i Rtoa Farahanina Myriame, mpamboly avy amin'i Fikambanana Matanjaka any Antsiranana ny 30 oktobra ka hatramin'ny 5 novambra lasa teo.
Isan'ny nanamarika azy tamin'io fitsidiahana io ny koperativa mikasika ny vary ao Bangkok izay isan'ny koperativa tranainy indrindra satria niorina tamin'ny 30 mai 1952. Marihina fa io koperativa io dia misahana ny famokarana ka hatramin'ny fanondranana any ivelany.
Nahazendana ny mpitsidika ny habetsahan'ny voka-bary izay aondran'io Federasiona ny koperativa io satria mahatratra 6 500 tonina isan'andro izany amin'ny fotoan'ny famokarana.
Marihina etoana fa ny toe-tany any Bangkok dia mitovy amin'ny toe-tany eto Madagasikara amin'iny ilany atsinanana iny izany hoe sady manorana no mafana. Manan-karena ara-boajanahary araka izany ny firenena Malagasy fa ny fitrandrahana no tsy ampy.

VIDIM-BOKATRA

Vokatra / Vidiny	Faritra DIANA	Faritra ANALAMANGA	Faritra V 7 VINANY
Vary gasy	1225 Ar/kg	1200 AR/Kg	1120 Ar/kg
Vary makalioka	1400 Ar/kg	1280 Ar/kg	1200 Ar/kg
Tantely letisy	9000 Ar/l	-	5000 Ar/l
Tantely Niaouli	-	-	ND
Tantely Mokarana	-	-	4000 Ar /l
Tantely kininina	8000 Ar/l	5000 Ar /l	ND
Tongolo	1000 Ar/kg	400-900 Ar/kg	500 Ar/kg
Voatabia	800 Ar/ kg	500 Ar/Kg	375 Ar/kg
Kafe	-	3000 Ar/kg	1700 Ar/kg
Karaoty	700 Ar/kg	300 Ar /Kg	ND

Vary : OdR

Desambra 2007

TARATRA Fenoarivo Atsinanana : Tsidika

Miroso hatrany amin'ny ezaka fanatsarana ny famokarana ireo voly fanondrana ny TARATRA. Efa maro ireo kaoperativa najoro, tsy maintsy jerena anefa ny tena aha-matihanina azy ireny.

Fidinana ifotony natao tany amin'ny TARATRA

Taorianan'ny fidinana ifotony natao tany Fenoarivo Atsinanana no nahatsapana fa mbola marobe ireo tantsaha no tsy mahalala ny antom-pisian'ny CSA, ezaka tsy maintsy himasoana ny serasera sy ny fampitam-baovao na ho an'ny tantsaha na ny avy aminy .

CDAM Manjakandriana : Fifidianana

Tontosa soa aman-tsara ny Fivoriam-be ny CDAM. Nanolorana ny tatitry ny asa vita, ny asa amin'ny taona ho avy. Fa indrindra koa nifidianana ireo izay hitantana ny CDAM amin'ny taona mifandimby manaraka. Mbola voafidy ho filoha mpitarika Atoa RAKOTOMANGA Samoelina.

Ny filoha miaraka amin'ny misionera AFDI

CRAM Manakara : Mpiompy matihanina

Isan'ny mampidi-bola ho an'ireo mpiompy tantely ny famokarana ny tantely. Miroso amin'ny matihanina tanteraka ireo mpamokatra satria dia eo am-piheveranana indrindra ny fanaganana ilay tobim-panodinana sy fitsihifana izy ireo, miara miasa amin'izy ireo akaiky moa ny Réseau SOA sy ny AFDI Haute Savoie.

MITABE Mampikony : Olan'ny Tongolo

Somary nisedra olana ireo mpamboly tongolo tao amin'ny MITABE noho ny tsy fifankazahoan-kevitra teo amin'ny kaoperativa VIVEA atsy La Réunion mpandray izany vokatra izany.Ny olana moa dia manodidina ny vidy andraisan'ny mpanangona ny tongolo izay tsy dia nahafa-po ireo mpamokatra.

FITAME Morondava : Fisokafana

Mihitatra amin'iny distrikan'i Manja iny ny faritra iasan'ny FITAME. Miroborobo toa izany koa ny fiaraha-miasa amin'ireo ankolafin-kery samihafa indrindra amin'ny voly kabaro. Nahavokatra masomboly kabaro fotsimaso voamarina manodidina ny 50 taonina ny FITAME tamin'iny taom-pamokarana lasa iny. Heverina ny hampitombo ny vokatra araka izay tratra noho ny fisokafan'ny tsena vokatry ny fifanarahana teo amin'ny fanjakana Maorisianina mpandray ny vokatra sy ny fitondram-panjakana Malagasy.

Fiaraha-miasa amin'ny PSDR MENABE

MdP Toliary : Mitohy ny asa

Nandritra ny fivoriam-be natao amin'ny MdP dia nisy ny fifidianana natao. Lany ho filoha Atoa FANAMO Jean Courage, izay sady filohan'ny GTDR ihany koa, nitantana vonjimaika ny MdP izy teo aloha. Filoha lefitra i Atoa Fyondraza

CRAM FIANARANTSOA : sehatra vaovao

Hampiditra vondrom-pikambanana hafa vaovao ny CRAM Fianarantsoa amin'iny taona ho avy iny. Izany dia ho fanamafisan'orina ny fisokafan'ny CRAM Fianarantsoa. Hisokatra arak'izany ihany koa ny sehatra iasana satria dia hiroso amin'ny fizahan-tany eny ambanivohitra ny CRAM. Isan'ny mampiavaka azy moa ny famokarana masom-boly manaram-penitra : tsaramaso, vary…

APDIP Tsiroanomandidy : Miara-miasa

Eo am-pamolavolana tetik'asa iray hanorenana foibe iombonana ho an'ireo vondrona Tantsaha lehibe ao Tsiroanomandidy ny APDIP sy ireo fikambanana hafa toy ny VOMBO sy ny FAFITSIRO … Efa maro ny fiaraha-miasa marindrano eo amin'ny samy fikambanana toy ny fiaraha-miasa eo amin'ny lafiny fananan-tany sy ny fifanakalozana ary mbola ho hamafisina amin'ity tetik'asa iombonana ity , taorian'ny Morondava dia Tsiroanomandidy indray no hiroso amin'izany .

MATANJAKA Antsiranana : Foara Meva

Lany 90 % ireo vokatra netin'ireo fikambanana tantsaha avy ao amin'ny vovonana Matanjaka na dia tsy dia nahomby loatra aza ity foara natao tao Antsiranana ity. Ny olana lehibe nitranga moa dia ny fahamafisan'ny varatraza tamin'ny fotoana nanaovana ny foara ny ka 26-28 oktobra 2007.

Tranohevan'ny Vovonana MATANJAKA

Maro arak'izany ireo trano heva rava, izay tsy dia tena nataon'ireo orin'asa mampanofa mafy orina loatra. 80 isan-jaton'ny tranoheva ny lasan'ny rivotra ny ampitson'ny fanombohana ny foara. Isan'ny nijoro hatramin'andro farany ny trano hevan'ireo tantsaha avy ao amin'ny Matanjaka sy ny an'ny Réseau SOA noho izy ireo tsy dia vava-rivotra loatra. Tsy arak'izany kosa anefa ny an'ireo mpampiranty sasany ka dia azo heverina ho fatiantoka ho azy ireo izany. Heverina fa handray lesona avy amin'izay ny rehetra ka hiezaka amin'ny fanomanana ny foara toy itony.

ADAPS Ambanja : Miroborobo ny kaoperativa

Ny vokatrin'ny ADAPS tao amin'ny Foara Meva

Nitombo ho 24 ny isan'ny kaoperativa mpikambana ao amin'ny ADAPS raha 14 izany teo aloha. Isan'ny mampiroborobo izany ny fambolena kakao sy ny voly legioma. Atsy ho atsy dia hisokatra ny sampana any Nosy Be satria efa misy ireo fikambanana vitsivitsy nijoro any an-toerana**.** Hitsangana tsy ho ela koa ny vovonan'ireo kaoperativa ao amin'ny ADAPS izay hifototra indrindra amin'ny varotra iombonana. Nandray anjara mavitrika tamin'ny foara meva ny ADAPS.

Pejy faha 4

Loabary an-dasy teny lavoloha : Nilaza ny heviny ireo solontenan'ny Tantsaha

Handray anjara tanteraka amin'ny fampandrosona ny Firenena Iireo Tantsaha

Isan'ny toky nomen'ireo solon-tenan'ny Tantsaha tonga teny lavoloha izany tamin'ny fanatrehana ny loabary an-dasy ho an'ny fampandrosona ny Ambanivohitra.Na dia somary vitsy ihany aza ireo solon-tena nasaina avy amin'ny Tantsaha dia tonga teny daholo ireo filoha mpitarika ny Fikambanam-be nasionaly: CPM, SOA, FIFATA, FEKRITAMA, KOLOHARENA, FTMTK ary ny Tranoben'ny Tantsaha. Saika nandray fitenenana daholo moa ny ankamaroan'ireo solontena ireo. Raha Ato RASOLONIRINA Marcel filohan'ny SOA no nanokatra ny kabary ho an'ny Tantsaha dia ny filohan'ny KOLOHARENA Atoa Jules kosa no nanao ny tatitry ny asa-isan-tarika, Atoa ANDRIANJAFIMAHATRATRA Solofo moa no nanao ny kabary famaranana. Nisy tokoa ny fandraisan'ny tsirairay fitenenana na tany amin'ny asa isan-tarika niarahana tamin'ny Filoha na tamin'ny Kabary.

Ireo solon-tenan'ny Tantsaha teny lavoloha

Soson-kevitra maro no nanoson'ireo solontena

Dian y fitondrana ireo hetahetan'ny Tantsaha manerana ny nosy tokoa no naroso teny lavoloha satria dia noresahana tamin'izany ny olana sy ny vahaolana manodidina ireo zava-manahirana ankehitriny: ny famatsiam-bola eny Ambanivohitra, ny fitaovam-pambolena, ny masomboly, ny zezika, ny lalam-barotra … Heverina fa ny fiaraha-nikahon-doha tamin'ireo mpandraharaha eny ambanivohitra sy ireo mpanohana ara-bola sy ara-teknina ary ireo ankolafin-kery rehetra dia ahafahana mamaritra fiaraha-miasa mahomby ho an'ny fampandrosoana ny Tontolo Ambanivohitra .

Ahoana ny mety tohin'ny loabary an- dasy ?

Samy namaritra ny asa tokony hatao ny isan-tarika,mpamokatra, mpandraharaha, mpanohana , ny mpitondra … Any amin'ny tsirairay izany no antoky ny fahombiazana , tokony hisy ny fiaraha-miasa eo amin' ireo toko maro aha-masanahandro, tokony hisy ny fifanakalozan-kevitra matetika.Asa miandry ireo solon-tena ny fanaovana ny tatitra any ifotony .

Tantsaha depiote Hahasolotena ny Tantsaha tokoa ve ?

Isan'ny nanamarika iny fifidianana solom-bavam-bahoaka farany teo iny ny fahalanian'ireo mpitarika fikambanana Tantsaha vitsivitsy hisolo vava eny any amin'ny antenimieram-pirenena. Isan'izany ny Filohan'ny Tranoben'ny Tantsaha Atoa Solofo ANDRIANJAFIMAHATRATRA. Na dia tsy tamin'ny anaran'ny Tantsaha aza no nanolorana azy ary na dia any taty amin'ny faritra Andrenivohitra aza izy dia antenaina ny fisolony vava ny tantsaha nipoirany. Heverina izany fa tsy ho vitsy ireo volavolan-dalana aroson'ireo vondrona tantsaha no ho lany eny amin'ny Antenimieram-pirenena.

Filohan'ny TT , Solom-bavam-bahoaka
Analamanga : SOLOFO ANDRIANJAFIMAHATRA

SEHATR'ASA TAONA 2008

- **-Fivoriam-be :** (1) 18 janoary
- **-Fivorian'ny CA sy ny Birao SOA :**(4)
- **-Fivorian'ny seha-pandinihana :** asa eny ifotony, fananan-tany,vary, tantely (8)
- **-Fiofanana momba ny Tantely:** (2)
- **-Asa an-tarika momba ny famolavolana sy fitantanana tetik'asa :** (2)
- **- Fiofanana ho an'ny mpitarika momba ny fitantanana olona, fizohiana :** (3)
- **- Atrik'asa :** kaoperativa (1)
- **- Fitsidihana ifotony ataon'ny Birao SOA** Toliara, Mampikony,Manakara ,Dabara
- **- Fitsidihana any ivelany (2)**
- **- Atrik'asa :** fanombanana sy famaritana ny 5 taona ho avy (1)
- **- Seminera sendikaly : (1)**
- **- Fankalazana ny faha 5 taonan'ny SOA**
- **- Fanatanterahana ny fifidianana :** birao sy Filakevim-pitantanana
- **- Fandraisana anjara amin'ny Foara** : FIEPA, FIER Mada, foaram-paritra
- **- Fandraisana anjara** : SIF, COPILO ,…

Akon'ny fivoriana iraisam-pirenena tany Bali

Tsy haharaka ny fitombon'ny mponina ny vokatry ny fambolena

Ahoana ary no hahafahana hamokatra ka hamaly ny filan'ny fitombon'ny olona eran-tany, indrindra fa ireo firenena mahantra, izay sahirana ny olona ary marefo ny fivelomany manoloana ny fahasimban'ny toetr'andro? , satria raha tsy mandray andraikitra dia eny izao isika, dia hitombo ny isan'ny olona hianjadian'ny hanohanana » io no fanambarana miezinezina nataon'i Jaches Diouf talen'ny FAO izay miahy ny fambolena sy ny sakafo eran-tany.

1% n'ny fahasimban'ny habakabaka no avy amin'ny firenena afrikanina

Ny indostria aty amin'ny firenena mahantra dia miteraka fahasimbana 1% fotsiny ny tontolon'ny habakabaka manarona ny tany, izay miaro ny tany tsy ho main'ny masoandro. Kanefa dia ireo firenena sahirana ireo no mizaka ny fahasimban'ny tontolo iainana voalohany.

Hihena ny vokatry ny fambolena noho ny fahasimban'ny toetr'andro

Farany ny vokatry ny fikarohana dia manambara fa atahorana ny fihenan'ny vokatry ny fambolena aty Afrika noho ny fiovan'ny toetr'andro, faharitran'ny renirano sy ny ony, fiakaran'ny mari-pana ary ny fahasimban'ny nofon-tany noho ny doro-tanety…

FANDRAISANA ANJARA TAMIN'NY FOARA MEVA

LOABARY AN-DASY NIARAHANA TAMIN'NY FILOHAM-PIRENENA

Taona 2008: Mankalaza ny faha 5 taonany ny SOA

Ny Réseau SOA sy ny gazety FEON' NY TANTSAHA dia mirary fahombiazana ho antsika rehetra amin'izao taona 2008 izao !

FEON'NY TANTSAHA Tonian-dahatsoratra : ANDRIAMANDIMBY Gérard Tompon'andraikitry ny famoahana : ANDRIAMAMONJY Fidy
Komitin'ny fanoratana : RASOLONIRINA Marcel, ANDRIAMANDIMBY Gérard, Vital PELON, ANDRIAMAMONJY Fidy. Mpanatonta : RESEAU SOA AI8/ ARM 20 Ambatobe - Antananarivo 101- Madagascar Tél (261) 20 24 367 91 . Mailaka : reseausoa@netclub.mg © Desambra 2007 .Isan'ny natonta 1000